S/e PV
CRA n° 67

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
**ANTENIMIERAMPIRENENA**

**REPOBLIKA FAHAEFATRA**

**FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA**
**TAONA 2025**

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

----------------

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

----------------

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

**LAHARANA FAHA-67**

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA NY ALAROBIA 3 DESAMBRA 2025 KA HATRAMIN'NY ALATSINAINY 15 DESAMBRA 2025**

Fivoriana Faha-17
Natao ny
Alakamisy 4 Desambra 2025
- Atoandro -

# FIVORIAMBE

**FILOHA:** Andriamatoa TSARADIA Marco

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa isany: - ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- MAMIHAJA Charlot

**FOTOANA**: Alakamisy 4 Desambra 2025, tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA**: Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 3 Desambra 2025 ka hatramin'ny Alatsinainy 15 Desambra 2025.

Nitohy ny Alakamisy 4 Desambra 2025, tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.
Andriamatoa TSARADIA Marco, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritanin'i Toliara no nitarika ny fivoriana.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa MAMIHAJA Charlot.

Nisaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany izany, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, taorian'izany ary nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Niangavy hatrany ny Mpitantsoratra koa ny tenany mba hamaky ny famintinana ny fivorian'ny Diniky ny Filoha.

Andriamatoa MAMIHAJA Charlot no nanatanteraka izany ka toy izao no fivakiny:

FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY "CONFERENCE DES PRESIDENTS" NY ALAROBIA FAHA-3 DESAMBRA 2025

Nivory ny Alarobia faha-3 Desambra 2025 nanomboka tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny «Conférence des Présidents».

Andriamatoa TSARADIA Marco, Filohan'ny Antenimierampirenena misolo toerana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana no nanombohany ny fitenenana. Novakiana avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alarobia 3 Desambra 2025, tamin'ny 10 ora, maraina. Narahan'Andriamatoa Filoha fanazavana moa izany.

Taorian'izay dia niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory, ka nisy ireo fanitsiana tapaka.

Nolanian'ny «Conférence des Présidents» ny Volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Alarobia faha-3 Desambra 2025 ka hatramin'ny Alatsinainy faha-15 Desambra 2025 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alakamisy faha-4 Desambra 2025, amin'ny 10 ora maraina, handraisana fanapaha-kevitra farany.

(Vakiana ny tovana)

**ORDRE DU JOUR**

pour la période du **Mercredi 03 décembre 2025** au **Mercredi 17 décembre 2025**

**MERCREDI 03 DECEMBRE 2025**

10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent - **(Salle BP)**

15H 00: Conférence des Présidents - **(Salle B.P)**

**JEUDI 04 DECEMBRE 2025**

10H 00: SEANCE PLENIERE - **(Salle des Séances)**
Adoption de l'Ordre du jour

**MARDI 09 DECEMBRE 2025**

09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - **(Salle BP)**
- **Commission de la Communication et de la Culture** (Saisie au fond)
- **Commission du Développement Numérique, des Postes et des Télécommunications** (Saisie pour avis)
- **Commission de la Population et des Solidarités** (Saisie pour avis)
- **Commission Juridique** (Saisie pour avis)

- Projet de loi n°017/2025 du 03 décembre 2025 sur l'accès à l'information à caractère public.

**MERCREDI 10 DECEMBRE 2025**

09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS
- **Commission de la Population et des Solidarités** (Saisie au fond)
- **Commission Juridique** (Saisie pour avis)
- **Commission du Travail, de l'Emploi et de la Fonction Publique** (Saisie pour avis) - (Salle des Séances)

- Projet de loi n°016/2025 du 19 novembre 2025 relative à la prévoyance sociale

- **Commission de l'Energie et des Hydrocarbures** (Saisie au fond)
**- Commission Juridique** (Saisie pour avis)
**- Commission de la Population et des Solidarités** (Saisie pour avis)
**- Commission du Commerce** (Saisie pour avis)
**- Commission de la Sécurité publique** (Saisie pour avis) – (Bibliothèque)

- Proposition de Résolution n°001-2025/PR portant création d'une commission d'enquête sur la gestion de la JIRAMA.

**MERCREDI 10 DECEMBRE 2025**

09H 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS

- **Commission Juridique** (Saisie au fond)
**- Commission de la Population et des Solidarités** (Saisie pour avis)
**- Commission de la Santé Publique et du Planning Familial** (Saisie pour avis)
**- Commission de la Défense Nationale** (Saisie pour avis)
**- Commission de la Sécurité Publique** (Saisie pour avis)
- **Commission de la Gendarmerie Nationale** (Saisie pour avis) - (Salle BP)

- Proposition de loi n°011-2025/PL sur la protection spéciale des personnes atteintes d'albinisme, présentée par le Député RANDRIANASOLO Jean Nicolas, élu dans le District de Betroka.

15H 00 : SEANCE PLENIERE- (Salle des Séances)

- Projet de loi n°016/2025 du 19 novembre 2025 relative à la prévoyance sociale

**JEUDI 11 DECEMBRE 2025**

10H 00 : TRAVAUX DE COMMISSION - (Salle BP)
Travaux de la Commission de mise en accusation devant de la Haute Cour de Justice (HCJ)

15H 00 : SEANCE PLENIERE - (Salle des Séances)

- Proposition de loi n°011-2024/PL sur la protection spéciale des personnes atteintes d'albinisme, présentée par le Député RANDRIANASOLO Jean Nicolas, élu dans le District de Betroka.

16H 00 : SEANCE PLENIERE - (Salle des Séances)

- Proposition de Résolution n°001-2025/PR portant création d'une commission d'enquête sur la gestion de la JIRAMA

**VENDREDI 12 DECEMBRE 2025**

09H 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS - (Salle BP)
Eventuellement Travaux des Commissions sur le Projet de loi n°015/2025 du 29 Octobre 2025 portant Loi de Finances pour 2026 (2ème Lecture)

15H 00 : SEANCE PLENIERE - (Salle des Séances)
Eventuellement Séance Plénière sur le Projet de loi n°015/2025 du 29 Octobre 2025 portant Loi de Finances pour 2026 (2ème Lecture)

**LUNDI 15 DECEMBRE 2025 et MARDI 16 DECEMBRE 2025**
A PARTIR DE 08H 30 : SEANCE PLENIERE - (Salle des Séances)
**Séance des Questions au Gouvernement**

**MERCREDI 17 DECEMBRE 2025**
10H 00 : Réunion des membres du Bureau Permanent - (Salle BP)

**MEMBRES DU BUREAU PERMANENT**

| N° d'ordre | NOMS ET PRENOMS | FONCTION |
|---|---|---|
| 1 | RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimialona Andriantsivoafetra | Vice-Président |
| 2 | TSARADIA Marco | Vice-Président |
| 3 | MILAVONJY Andriasy Philobert | Vice-Président |
| 4 | MAMIHAJA Charlot | Troisième-Questeur |

**PRESIDENTS DES COMMISSIONS**

| N° d'ordre | COMMISSIONS | NOMS ET PRENOMS |
|---|---|---|
| 1 | Commission Décentralisation et Aménagement du Territoire | RAJOELINA A.Seth |
| 2 | Commission de la Sécurité publique | NAKANY Charly Zafimagnely |
| 3 | Commission des Transports et de la Météorologie | RAZAFITSIALA Velomanana Solomampionona |
| 4 | Commission du Travail, de l'Emploi et de la Fonction Publique | ANDRIANIRINA Narcis |
| 5 | Commission de l'Environnement et du Développement Durable | RAZAFINDRAMASY Faralahy Célestin |
| 6 | Commission du Commerce | RANDRIAMANANTENA Stipio |

Représentants du Gouvernement :
- RAJAONESY David, Directeur des Etudes, Primature

Nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra tamin'ny namakiany ny Famintinana ny Fivorian'ny Diniky ny Filoha, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nampahafantatra fa misy fangatahana fiaraha-miasa avy amin'ny namana satria misy Volavolan-dalàna avy amin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina dia ny «Projet de loi n°017/2025 sur l'accès à la formation à caractère public», izay efa nandalo fankatoavana tamin'ny «Conseil des Ministres» ny omaly Alarobia 3 Desambra 2025 ka hampidirina amin'izao fandaharam-potoana holaniana anio izao.

Raha mety dia hatao amin'ny Alatsinainy 15 Desambra 2025, amin'ny 10 ora, maraina, amin'ny fotoana tokony hanaovana ny « Proposition de Résolution n°001-2025/PR portant création d'une commission d'enquête sur la gestion de la JIRAMA » izany. Marihana fa amin'io «création d'une commission d'enquête» io dia fanolorana ny mpikambana ihany no atao ato amin'ny fivoriambe. Izany hoe, tsy mandany fotoana firy fa avy hatrany dia atolotra ny Solombavambahoaka mpikambana. Aorian'izay, amin'io Alatsinainy 15 Desambra 2025 io ihany, miroso avy hatrany amin'ny asam-baomiera momba ny «projet de loi n°017/2025» voalaza teo ny Vaomiera voakasik'izany.
Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa izay no fanampin'ny Volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Alarobia faha-3 Desambra 2025 ka hatramin'ny Alatsinainy faha-15 Desambra 2025 handraisana fanapahan-kevitra rehefa avy eo.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory, ka nomena fitenenana ny Solombavambahoaka.

Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety rehefa nomena fitenenana, nanontany raha azo fantarina ny antony mahatonga ny fisian'ny «2ème lecture» momba ny «loi de finances, pour 2026» izay efa nolanian'ny Antenimierampirenena teo iny.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa misy teny hoe «éventuellement» alohan'ny asam-baomiera sy ny fivoriambe amin'ny andro tokony hanaovana izany. Raha ohatra misy «amendement» ataon'ny Antenimierandoholona, miverina atỳ amin'ny Antenimierampirenena ny volavolan-dalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, 2026 mba hodinihana fanindroany. Izay no mahatonga hoe «2ème lecture» amin'io Zoma faha-12 Desambra 2025 io. Raha tsy manao fanitsiana na fanovàna ry zareo, mazava ho azy fa tsy hisy ny fandinihana fanindroany.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, taorian'izay, fa hiverina amin'ny fangatahana nataon'ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina ny adihevitra satria mila andraisana fanapahan-kevitra ny momba izany.

Tsy nisy nanan-kambara mikasika izany ny mpivory ka nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hatao ny Alatsinainy 15 Desambra 2025, amin'ny 11 ora, atoandro, ny asam-baomiera momba an'io Volavolan-dalàna voalaza teo aloha io. Ny fivoriambe kosa hampidirina amin'ny fandaharam-potoana aorian'izao. Ny Alatsinainy tolak'andro indray, hisy ny «réunion des membres du bureau permanent» handinika ny volavolam-pandaharam-potoana manaraka.

Nanao satroka Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson ary nanontany raha tonga dia holaniana ity volavolam-pandaharam-potoana fa tsy hasiana adihevitra intsony.
Nomarihany fa misy resaka tokony holazaina momba ny datin'ny Alatsinainy 8 Desambra 2025 sy Talata 9 Desambra 2025 amin'ny fametraham-panontanina amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta. Efa nangataka ny ankamaroan'ny Solombavambahoaka fa rehefa Alatsinainy, tsy tokony hanao fivoriambe ny Antenimierampirenena satria amin'io andro io vao tonga avy any amin'ny Distrika nahavoafidy azy ny olom-boafidy.

Izany hoe, saika Talata hatrany no anaovana ny fivoriambe. Eo anatrehan’izay, nangataka ny tenany mba hatomboka ny Alarobia 10 Desambara 2025 izany fihaonana izany.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ny antony anaovana ny «face à face» amin’ireo daty roa ireo dia misy «Conseil des Ministres» ny Alarobia.

Nandray fitenenana kosa Andriamatoa RAMINOALISOA Andriniaina Herizo ka nangataka ny hanemorana ny «séance des questions au Gouvernement» mba hatao ny Alakamisy 11 Desambra 2025 sy Zoma 12 Desambra 2025.

Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety indray, nanohana ny hevitry ny namany vao nandray fitenenana teo amin’ny tokony hanemorana izany fihaonana izany amin’ireo daty voalaza teo ireo.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa araka ny fanamarihana natao teo, roa andro no ihaonana, ka ny Solombavambahoaka laharana voalohany hatramin’ny laharana faha-80 dia amin’ny andro voalohany no mandray fitenenana. Ny Solombavambahoaka laharana faha-81 ka hatramin’ny laharana faha-163 kosa, amin’ny andro faharoa no manao izany. Omena fito minitra isaky ny olom-boafidy amin’ny fandraisana fitenenana amin’izay afaka mivalapatra tsara amin’ny zavatra tiana holazaina.

Nanao satroka Andriamatoa RAZAFINDRABARY Narson Seth Jean Richard ary nanambara fa rehefa misy fivoriana, izay tonga mivory ihany no mivory. Hatao izao ny «face à face», ho tonga daholo ny Solombavambahoaka, izahay atỳ amin’ny farany ihany no lasa farany. Nangataka ny tenany mba izay tonga mialoha ka manangan-tànana no avy hatrany dia omena fitenenana, fa tsy eny aloha ihany no miteny voalohany kanefa tonga farany. Vokatr’izay, lasa farany hatrany izahay kanefa tonga mivory foana.

Andriamatoa ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard, kosa nanambara fa tonga mialoha hatrany ny tenany rehefa mivory sady any amin’ny laharana alohaloha no misy ny anarany. Tokony ho ny Solombavambahoaka tonga mialoha tahaka azy no omena fitenenana, fa tsy mety raha ireo tara indray no omena izany voalohany satria lasa manasaro-javatra sy miteraka fimenomenomana ny toy izany. Mety raha ny laharana voalohany ka hatramin’ny laharana faha-80 no miteny amin’ny Alatsinainy 8 Desambra 2025, ary ny faha-81 ka hatramin’ny farany no miteny ny ampitson’iny. Kajiana hoe raha fito minitra no andraisam-pitenenana, afaka adiny firy izany ranona vao miteny. Hikorontana isika raha izay Solombavambahoaka tonga voalohany no miteny mialoha raha ny fijerinay azy.

Ramatoa RAZAFIMANDROSO Née RAZANAJATO Virginie indray nilaza fa raha ny «face à face» hatramin’izay, any amin’ny faramparan’ny fivoriana no anaovana azy satria any no ahafahana mitsara ny mpikambana ao amin’ny Governemanta momba ny asany vitany na tsia. Raha izao no hihaona sahady, efa maro anefa ny Minisitra nandalo teto ka inona no vitany nandritra izay fotoana fohy izay.

Nanao satroka Ramatoa RAMANANJARASOA Clarisse Eugénie ary nanolo-kevitra hoe tokony hatsimbadika indray ny fandraisam-pitenenana amin'ireo roa andro ireo, ka ny laharana faha-80 miverina any amin'ny laharana voalohany no mandray fitenenana mialoha ary ny laharana faha-163 miverina any amin'ny laharana faha-81 no manao izany amin'ny andro faharoa.

Mbola satroka ihany koa no nataon'Andriamatoa RASOLOMANANA Beby Olivier ary notsindriany fa izay Solombavambahoaka tonga aloha no tokony homena fitenenana voalohany. Izany hoe, raha te-handray fitenenana mialoha, aleo manenjika fotoana ary ireo tara kosa aoka mba hiandry farany.

Andriamatoa RANDRIARISON Maurice Lucien tamin'ny satroka nataony dia nanamafy ny hevitr'Andriamatoa RASOLOMANANA Beby Olivier teo. Nanolotra sosokevitra koa ny tenany amin'ny tokony hanaovana «présence» ny olom-boafidy rehefa miditra ny varavaran'ny trano fivoriana ary arakarak'izay no anomezana fitenenana azy. Tsy mety raha ny Solombavambahoaka tonga voalohany no hiteny farany araka ny voalaza teo.

Raha nomena fitenenana Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol, nangataka ny tenany mba hatao amin'ny faha-15 Desambra 2025 ny fihaonana amin'ny Governemanta araka ny teny nataon'ny namana nandray fitenenana teo aloha raha mety.

Andriamatoa ANDRIANIRINA Narcis kosa nanamarika fa ny olana ato amin'ny Antenimierampirenena dia ny fandraisam-pitenenana voalohany sy farany. Maninona raha atao atsapaka izay hiteny voalohany. Manao taratasy kely dia soratana ao ny laharana voalohany ka hatramin'ny laharana faha-163, mitovitovy amin'ny fifidianana atao ireny. Mandroso izay voatonona anarana, ka raha izaho no mahazo ny laharana faha-10 dia izaho izany no miteny faha-10; raha ranona no faha-100, fahazato izy no mandray fitenenana na dia faha-20 aza no laharany ao anaty lisitra.

Andriamatoa ASSIMO Bruno, indray nanamafy fa mety io fandaharam-potoana efa napetraka amin'ny Alatsinainy 8 Desambra 2025 sy ny Talata 9 Desambra 2025 io raha nomena fitenenana.
Mikasika ny fandraisam-pitenenana kosa, niangaviany mba hisesy araka ny laharana satria izay no efa nahazatra hatramin'izay.

Taorian'izay, nanazava Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ny antony nahatonga ny «face à face» hatao ny Alatsinainy 8 Desambra 2025 sy Talata 9 Desambra 2025 dia mbola maro ny Tolo-dalàna sy Volavolan-dalàna hodinihana amin'ny herinandron'ny faha-15 Desambra 2025. Hiasa ny Antenimierampirenena alohan'ny hifaranan'ny fivoriana; raha ny Tolo-dalàna manokana, tsy maintsy miandry ny «observations» ataon'ny Governemanta. Noho izany, tsy afaka nampidirina tamin'ity volavolam-pandaharam-potoana iasana ity ireo Tolo-dalàna sy Volavolan-dalàna ireo. Izany hoe tsy manana fotoana malalaka intsony amin'ny herinandron'ny faha-15 Desambra 2025 saingy tsy misakana ny fanehoan-kevitra tokony hatao izany.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa ANDRIAMOSA Benjamina Avotraina Rajaombelina Mary Thomasson, nanambara fa maro ny olona hitsikera ny Antenimierampirenena raha hanao “face à face” amin’ny Governemanta satria vao iray volana no niasany. Inona no fomba hitsarana azy ireo; ny Minisitera sasany aza tsy mbola manana mpiasa sy fitaovana akory. Aleo miandry fotoana malalaka ny hanaovana an’izany.

Mikasika ny fandraisam-pitenenana kosa, aleo hanaraka ny laharana misy azy ihany fa izay tonga aloha no mandray fitenenana.

Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety kosa raha nomena fitenenana, nambarany fa raha tena hiasa ny Antenimierampirenena, aleo hanomboka amin’ny laharana voalohany ka hatramin’ny laharany farany ny fandraisam-pitenena ary tokony hanatrika eo hatramin’ny farany izay avy niteny. Tsy misy olana koa io fandaharam-potoana io fa aleo hotazonina amin’ny datin’ny Alatsinainy 8 Desambra 2025 sy ny Talata 9 Desambra 2025 ihany. Raha ny fotoana itenenan’ny Solombavambahoaka kosa, efa zava-dehibe izany 7 minitra izany, afaka milaza izay tokony holazaina ny tsirairay.

Nanao satroka Andriamatoa RAZAFINDRABARY Narson Seth Jean Richard ary navoitrany fa tsy mifanaja ny Solombavambahoaka; raha amin’ny 10 ora no tokony ora hidirana, amin’ny 11 ora sy 30 minitra vao tonga ny ankamaroany. Tsy afaka manomboka anefa ny fivoriana raha tsy misy Solombavambahoaka manatrika.

Momba ny fandraisam-pitenenana kosa, izay tonga aloha no omena izany ary izay tara dia tara. Iangaviana mba atombohy amin’ny ora tokony hanombohana ny fivoriana amin’izay misy ny fifanajana. Mbola mikasika an’izay fifanajana izay ihany, aoka rehefa nametraka fanontaniana mba hiandry ny valiny, fa tsy mety ny hoe avy miteny ianao dia lasa mivoaka.

Nanao satroka koa Andriamatoa TARKA Jean Michel ary nanamafy ny tenin’ny namany teo. Izany hoe, rehefa amin’ny fotoanan’ny «face à face», tokony hiandry ny valin-teny omen’ny Governemanta izay Solombavambahoaka nametraka fanontaniana. Mila jerena ihany koa ny filaharana amin’ny fandraisam-pitenenana satria aleo mifanaja araka ny voalaza teo.

Mbola nanao satroka koa Andriamatoa RANDRIAMALALA Thony ary nanamarika fa ny Solombavambahoaka tokony hiteny mialoha saingy tara tamin’ny fiantsoana anarana tamin’ny andro voalohany dia amin’ny andro faharoa izy no mandray fitenenana.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa amin’ny andro hanaovana ny “face à face”, mbola hiverina indray izao adihevitra izao, ka aoka amin’izay fotoana izay no hanapaka ny mikasika izany.
Isaky ny mivory, misy fiantsoana anarana ataon’ny Mpitantsoratra, amin’io fotoana io, hatao koa izany. Raha ny marina izay «présent» eo no mandray fitenenana ary izay tonga farany, farany koa izy vao mandray fitenenana. Marihana, fa tsy afaka miteny izy na dia ao anatin’ny olona tokony hiteny aza ny laharany.

Andriamatoa RANDRIANARISOA Stanislas raha nomena fitenenana, nanamarika fa efa nisy fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka tamin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta kanefa tsy nahitana valiny hatramin'izao. Ho avy anefa ny «face à face» ato ho ato, tokony hovalian'izy ireo izany mba hampihena ny fanontaniana izay hapetraka aminy.

Nandray fitenenana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanambara fa ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Ankoran'Afo dia efa namaly an-taratasy tamin'ny fanontaniana napetraka tamin'ny Departemanta iadidiany. Any amin'ny «groupe whatsapp» no nandefasan'Andriamatoa Sekretera Jeneraly ny valin-teny isaky ny Distrika, ka any no ahitana izany.

Nomena fitenenana Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson ary nanamarika fa sao misy fanilikilihana na fanavakavahana satria tsy tafiditra amin'ny «whatsapp» mihitsy ny Distrika nahavoafidy azy.

Nitondra fanazavana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa misy tambazotra «groupe whatsapp» roa eto amin'ny Antenimierampirenena. Ny iray mitondra ny anarana hoe: "Solombavambahoaka 2024"; ny faharoa kosa, vao niforona ary "fampitam-baovao Solombavambahoaka" no anarany. Any amin'ireny «groupes» ireny no ahitana ny valin-tenin'ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoran'Afo.

Nanao satroka Ramatoa RAZAFIMANDROSO Née RAZANAJATO Virginie ary nangataka mba tsy hisy satroka intsony, fa lasa mivaona amin'ny zavatra tokony hatao ny adihevitra. Aleo andraisana fanapahan-kevitra amin'izay ny volavolam-pandaharam-potoana.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 3 Desambra 2025 ka hatramin'ny Alatsinainy 15 Desambra 2025 nasiam-panitsiana ny mpivory.
Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 24 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany nasiam-panitsiana ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 3 Desambra 2025 ka hatramin'ny Alatsinainy 15 Desambra 2025.

Talohan'ny niatoan'ny fivoriana, niangaviany hijanona ny Solombavambahoaka satria misy «divers» tsara ifampiresahana momba ny fandaminana anatiny eto amin'ny Antenimierampirenena. Noho izany, omen-dàlana ny mpanatrika ny fivoriambe.

Niato tamin'ny 12 ora, atoandro, ny fivoriana ary nitohy indray tamin'ny 12 ora sy 45 minitra, atoandro.

Tamin'ny fitohizan'ny fivoriana, nambaran'Andriamatoa Mpitarika, araka ny vaovao farany nampitain'ny Governemanta, nangataka ny hanemorana ny «face à face» saika hatao ny Alatsinainy 8 Desambra 2025 sy ny Talata 9 Desambra 2025 izy ireo satria misy antony tsy ahafahany manatrika izany amin'ireo daty ireo. Noho izany, miova ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena. Izany hoe, hatao ny Alatsinainy 15 Desambra 2025 sy ny Talata 16 Desambra 2025 io fifanatrehana io, ka handraisana fanapahan-kevitra ny momba izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana; Solombavambahoaka miisa 15 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany nasiam-panovàna ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 3 Desambra 2025 ka hatramin'ny Alarobia 17 Desambra 2025.

Nomarihany koa, fa hisy ny fivorian'ny Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra hatao ny Alarobia 17 Desambra 2025 amin'ny 10 ora, maraina, handinika izay ho tohin'ny fandaharam-potoana.

Niato tamin'ny 12 ora sy 50 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

**NY FILOHA**

**RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry**